



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitevahana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-11 EX

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA  
NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-01-2019/PR «TENDANT  
A MODIFIER L'ARRETE N°67-AN/P PORTANT REGLEMENT INTERIEUR  
DE L'ASSEMBLEE NATIONALE»**

Fivoriana faha-4  
Natao ny  
Alatsinainy 19 Aogositra 2019  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques  
- Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

**FOTOANA:** Alatsinainy 19 Aogositra 2019, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny tolo-pehin-kevitra laharana faha-01-2019/PR «tendant à modifier l'Arrêté N°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale»

Nivory ny Alatsinainy 19 Aogositra 2019, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohany no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana. Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny tolo-pehin-kevitra laharana faha-01-2019/PR «tendant à modifier l'Arrêté N°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale».

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitry ny asambaomiera izy.

Talohan'ny namakian'ny Mpampakateny ny tatitra anefa, nanao satroka ny Solombavambahoaka VONINAHITSY Jean Eugène.

Raha nomena fitenenana izy, nambarany fa aleo alamina aloha ny raharahan-tokantrano vao miditra amin'ny fandinihana ity «proposition de résolution» ity ny Solombavambahoaka. Noho izany, tokony havadika «commission plénière» ny fivoriana, avy eo vao manatanteraka ny fivoriambe azon'ny besinimaro atrehina.

Nambaran-dRamatoa Filoha, taorian'izay, fa araka ny mahazatra ny Solombavambahoaka, amin'ny alalan'ny tsangan-tànana hatrany no ahafahana mandray fanapahan-kevitra amin'ny soso-kevitra arosan'ny Solombavambahoaka tahaka izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nanaiky izay soso-kevitra izay. Solombavambahoaka miisa 19 no nitsipaka, Solombavambahoaka miisa roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny soso-kevitra naroson'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène teo, ka niangavy ny mpanatrika izy mba hivoaka ny efitrano fivoriana satria hivadika «huis clos» ny asa hataon'ny Solombavambahoaka.

Niato tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana ka mbola Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirena no nitarika izany ary ireo Mpitantsoratra teo aloha no nanotrona azy tamin'ny fitarihana.

Rehefa izany, niangavy an'Andriamatoa HENRI Jean Michel, Ramatoa Filoha, hamaky ny famelabelarana ny antonantony na ny "exposé des motifs" mikasika ity tolo-pehin-kevitra ity.

Nomarihany fa mbola tsy vita tamin'ny fiteny Malagasy izany, ka amin'ny fiteny Frantsay no hanaovana azy ary toy izao no fivak'izany:

**«PROPOSITION DE RESOLUTION n°01-2019/PR  
tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/P  
portant Règlement Intérieur de l'Assemblée nationale  
présentée par  
le Député Jean Michel HENRI et consorts**

EXPOSÉ DES MOTIFS

Mesdames, Messieurs,

L'objet de la présente Proposition de Résolution est de réviser l'Arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée nationale.

Dès le début de cette nouvelle législature, l'Assemblée nationale, dans le but de revaloriser son image, a manifesté une ferme volonté de relever le défi d'instaurer une Assemblée nationale digne, forte et moderne.

Cet engagement nécessite un processus de réformes, tant au niveau de l'organisation, des structures, du fonctionnement que des pratiques parlementaires.

C'est en ce sens que la révision du Règlement Intérieur, en tant que document régissant les droits, devoirs et obligations des membres et employés de l'Administration de l'Assemblée nationale, s'avère indispensable afin de traduire concrètement ces objectifs.

Il est pertinent de remarquer que les modifications envisagées sont définies à partir des différentes aspirations issues des diverses entités composant l'Assemblée nationale. Elles sont également proposées à la lumière des différentes pratiques et expériences parlementaires.

Dans la perspective d'une meilleure prise en compte de ces objectifs, la présente proposition de résolution entend :

- améliorer la transparence dans le déroulement des travaux de l'Assemblée nationale;
- renforcer la coordination et la mise en cohérence technique de toutes les dispositions dans le présent Règlement Intérieur;
- modifier ou éclaircir certaines dispositions considérées comme inapplicables par rapport à la situation malgache;
- donner pleine application aux dispositions constitutionnelles relatives aux attributions des députés;
- donner un nouvel élan à l'évaluation de la politique publique;
- renforcer les questions d'éthique et de déontologie parlementaires.

Finalement, en poursuivant ces objectifs, la présente proposition de résolution marque la volonté et les perspectives des députés d'apporter des réformes afin d'obtenir un changement positif, équitable ainsi que de promouvoir le principe d'égalité au sein de ladite Institution.

Tel est, Mesdames, Messieurs, l'objet de la présente proposition de résolution que nous vous demandons de bien vouloir adopter».

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa HENRI Jean Michel, tamin'ny famakiana ny famelabelarana ny antonantony, Ramatoa Filoha.

Nanambara anefa, Andriamatoa Solombavambahoaka, fa te-hitondra fanazavana fohy tamin'ireo andininy nasiam-panovàna, ka tahaka izao izany.

Ohatra, ao amin'ny andininy faha-5 tamin'ny «Règlement Intérieur» (RI) teo aloha, ny teny fampiasa, miisa telo, nahena izany amin'izao fotoana izao. Tsy natao intsony ny fiteny Anglisy, fa Malagasy sy Frantsay ihany no ampiasaina.

Ao amin'ny andininy faha-22, nofaritana ny andraikitra ho an'ireo Filoha Lefitra amin'ity RI atolotra antsika ity. Miisa 6 ny Filoha Lefitra; ny voalohany misahana ny resaka "juridique, sécurité" ary ny "défense nationale"; ny faharoa misahana ny "relation avec l'extérieur"; ny fahatelo mikasika ny "économie et finances"; ny fahaefatra momba ny "social et culturel"; ny fahadimy "infrastructure"; ny fahaenina mikasika ny "environnement et tourisme".

Ao amin'ny andininy faha-32, mikasika ny "groupe parlementaire", nasiana fanovàna ihany koa ny isan'ny mpikambana ao anatiny; raha 5 teo aloha, lasa 15 amin'ity RI ity vao afaka manangana izany.

Ao amin'ny andininy faha-46, nisy famoronana "commission" vaovao satria takian'ny Lalàmpanorenana ny fanaovana izany. Ny "commission d'évaluation des politiques publiques" no natsangana satria mitaky "indicateur" ny PGE araka ny efa hita tamin'ny nandalovan'ny Praiminisitra teto amintsika teo.

Taorian'ny fanamarihana vitsivitsy nentin'Andriamatoa Solombavambahoaka teo, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny famakiana ny tatitra momba ny tolo-pehin-kevitra ny Mpampakateny.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore no nanatontosa izany, ka toy izao manaraka izao izany:

Nivory ny Alarobia faha-14 Aogositra 2019 tamin'ny 9 ora sy 15 minitra, maraina ary nitohy ny tolak'andro tamin'ny 2 ora sy 30 minitra, ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Tolopehin-kevitra laharana faha-01-2019/PR «tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de L'Assemblée Nationale».

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina.
2. ANDRIANANDRASANA Norbert
3. IDEALSON
4. JOHASY Eléonore
5. MAMIZARA Yasmirah Loeticia
6. PEPIN Michou
7. RABENIRINA Maminiana
8. RAFIDIMANANA Narson
9. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
10. RAHOLDINA Naivo
11. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
12. RAMBOASALAMA Emilien
13. RASOAZANANERA Marie Monique
14. RAVENASY Jean Emanierson
15. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
16. VELOMAHAZO Patrice
17. VONINAHITSY Jean Eugène

Ireto ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana:

1. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
2. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
3. ANGELE Solange
4. EDIZARD
5. HENRI Jean Michel
6. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona
7. RAMILSON Ange Richard
8. RAZAFINTSIANDRAOFA Brunelle
9. RAZARA Pierre Fidèle
10. TSARADIA Marco

Ireto avy ireo teknisiana nislotena ny Governemanta:

Ramatoa isany:

1. RANDRIANARIVO A. Tracy Jessica, Mpitsara avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana
2. RAKOTONIRINA Vololoniaina, Mpitsara avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana

### **A- Fananganana ny Biraon'ny Vaomiera**

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niroso avy hatrany tamin'ny fananganana ny Biraon'ny Vaomiera; izany hoe ny fifidianana ny Filoha Lefitra, ny Mpampakateny ary ny Mpampakateny Lefitra.

Toy izao no vokatry ny fifidianana, lany ho:

- Filoha Lefitra: Ramatoa RAHERIHARIJAONA Regina Clarisse;
- Mpampakateny: Ramatoa JOHASY Eléonore;
- Mpampakateny Lefitra: Andriamatoa RAVENASY Jean Emanielson.

### **B- Fankatoavana ny fahazoana mandray araka ny lalàna (examen de recevabilité)**

Taorian'ny fitsanganan'ny Biraon dia niroso avy hatrany tamin'ny fankatoavana ny fahazoana mandray araka ny lalàna (examen de recevabilité) mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2019/PR «tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/P portant REGLEMENT INTERIEUR DE L'ASSEMBLEE NATIONALE» ny Biraon'ny Vaomiera.

Araka ny andininy faha-111 amin'ny Fitsipika Anaty: “Ireo tolo-dalàna sy ny fanapahan-kevitra atolotry ny Solombavambahoaka dia apetraka sy dinihin'ny Fivorian'ny Filoha rehefa nakana ny hevitra ny Biraon'ny Vaomiera araka ny lalàna izay manapaka eo anatrehan'ny (na ireo) nanao ny tolo-dalàna, ankoatr'ireo fepetra tsy maintsy ampiharan'ireto farany ny andininy faha-86, andalana faha-6 sy faha-7 sy ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Raha toa ka mazava ny tsy fahazoa-mandray azy ireo araka ny hevitra ny andininy faha-86 andalana faha-6 sy faha-7 sy ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny fametrahana izany dia lavina”.

Taorian'ny fandinihana dia nankatoavin'ny Biraon'ny Vaomiera ny fahazoana mandray araka ny lalàna ny Tolo-pehin-kevitra. **(Jereo tovana I).**

Rehefa vita izay dia niroso tamin'ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra ny Vaomiera.

### **D- Fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra**

Natolotra avy hatrany an'Andriamatoa Kestora Voalohany ny fitenenana mba hanolorany ny fanazavana mikasika ny Tolo-pehin-kevitra.

#### **I- Famelabelarana ny Tolo-pehin-kevitra**

Nambaran'Andriamatoa Kestora Voalohany tamin'izany fa:

- 1- Ao amin'ny Andininy faha-5, nofoanana ny fampiasana ny teny Anglisy ho teny fampiasa, mba hifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny Lalàmpanorenana ankehitriny.
- 2- Ao amin'ny Andininy faha-22, noantitranteriny ny fanomezana andraikitra tandrify ireo Filoha Lefitra Enina, ankoatran'ny Filoha lefitra ho an'ny mpanohitra, izay voafehin'ny lalàna mikasika ny satan'ny mpanohitra.
- 3- Ao amin'ny Andininy faha-32, nampitomboina ho dimy ambiny folo (15) raha dimy (5) izany teo aloha no isan'ny mpikambana farafahakeliny ahafahana manangana ny Vondrona Parlemantera.
- 4- Ao amin'ny Andininy faha-46, nampitomboina iray (01) ny Vaomiera maharitra ka tonga roa amby telopolo (32). Ity farany no misahana ny «évaluation des politiques publiques».

5- Ao amin'ny Andininy faha-166, nampiana andalana mikasika ny tokony hametrahana fepotoana sy maridrefy (échéances et indicateurs) mandritra ny fanoloran'ny Governemanta ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Taorian'izay dia niditra tamin'ny fandinihana ny isan'andininy ny mpivory.

## II- Fandinihana ny isan'andininy

1- Ao amin'ny andininy faha-3, nanamarika ny avy ao amin'ny Minisiteran'ny fitsarana fa mila hakana toky fa voalaza ao anaty "Loi Organique" ny "inviolabilité"-n'ny lapan'ny Antenimierampirenena".

2- Teo amin'ny Andininy faha-22, nisy ny adihevitra momba ny tokony hilazana ihany koa ny andraikitra ny Filoha Lefitra fahafito misahana ny mpanohitra.

Nambaran'ny Solombavambahoaka iray fa tokony hofaritana ihany koa ny andraikitr'io Filoha Lefitra fahafito io; satria efa voafaritry ny lalàna io andraikitra io. Tapaky ny Vaomiera, fa ny filazana ny fisiany no tokony hatao, mba hifanaraka amin'ny voalaza ao amin'ny andininy faha-14 ny isan'ireo Filoha lefitra.

3- Eo amin'ny andininy faha-23, 24, 34 ary 49, tapaky ny mpivory fa tokony hampitoviana ny isan'ireo Mpikambana mandrafitra ny Kabinetran'ireo Mpikambanan'ny Birao Maharitra.

Ankoatr'ireo "Assistants parlementaires" dimy efa ananany amin'ny maha Solombavambahoaka azy izany dia manana "Conseillers techniques" dimy sy "Assistants techniques" dimy ary Tale Kabinetra iray avy ireo mpikambana tsirairay ao amin'ny Birao Maharitra.

Omena Mpanolotsaina teknika (Conseillers techniques) roa sy «Assistants techniques» roa avy ireo Filoham-baomiera sy Filohan'ny Vondrona Parlemantera tsirairay avy.

Toy izany koa, omena Mpanolotsaina teknika (Conseillers techniques) roa avy ny Solombavambahoaka tsirairay ankoatr'ireo «Assistants parlementaires» dimy.

4- Teo amin'ny fandinihana ny andininy faha-31, nofoanana ny andalana faharoa izay milaza fa tokony homena ny mpiasan'ny Antenimierampirenena ny fitantanana ny andraikitra ambony eto anivon'ny Antenimierampirenena. Nisy Solombavambahoaka nanao soso-kevitra ny hanomezana azy ireo tombondahiny raha toa ka ananany ny traikefa sy fahaizama-nao ampy hanatanterahana izany andraikitra ambony izany. Tapaka anefa fa avela malalaka ny Mpitantana hanendry izay olona heveriny hahatanteraka ny andraikitra.

5- Teo amin'ny andininy faha-32, nisy Solombavambahoaka sasany nanontany ny antony manokana namerana ho dimy ambin'ny folo (15) ny fetr'isa farany ambany ahazoana manangana Vondrona Parlemantera. Nangatahin'izy ireo ny hamerana izany ho folo (10).

Mba hampantanjaka sy hampandeha tsara ny Antenimierampirenena no antony nanaovana io isa dimy ambin'ny folo (15) io, izay fetra efa nisy tany aloha ihany. Mbola afaka entina any amin'ny fivoriambe iadian-kevitra anefa izany.

Nomarihana ihany koa, fa araka ny andininy faha-33 dia tsy voatery hiditra anaty Vondrona Parlemantera ny Solombavambahoaka, fa mijanona ho "non-inscrit".

6- Teo amin'ny andininy faha-46 dia niteraka adihevitra ny fisian'ny Zanabaomiera isaky ny Vaomiera Maharitra tsirairay izay hisahana ny fanaraha-maso sy ny toman'ezaka (contrôle et évaluation). Nilaza ny Solombavambahoaka iray, fa sarotra ho an'ny Zanabaomiera ny hanao toman'ezaka (évaluation) noho ny asa efa mavesatra sahanin'ny Vaomiera tsirairay sy ny hasarotan'ny fametrahana maridrefy izay mitaky fahaizama-nao manokana ary koa asa atao aorian'ny fahatontosan'ny fandaharan'asa. Noho izany, novaina ho fizohiana sy fanaraha-maso (contrôle et suivi) ny asan'ireo Zanabaomiera.

7- Ankoatr'ireo fe-potoana sy maridrefy (échéances et indicateurs) dia angatahina ny hisian'ny «valorisation financière globale» ny fanolorana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izay ataon'ny Praiministra, izay voalaza ao amin'ny andininy faha-166. Izany dia mba ahafahana manombana ny teti-bidin'ireo fanadaharan'asa hanatanterahana izany Politika Ankapobeny izany.

8- Ao amin'ny andininy faha-180 sy faha-181, najanona ho enim-bolana ihany ny fe-potoana hiasan'ny Vaomiera Mpanadihady eo anivon'ny Antenimierampirenena, mba hananana toky ny fahatontonsan'ny asa antsakany sy andavany.

9- Araka ny andininy faha-212, tsara raha zaraina maimaimpoana amin'ireo Solombavambahoaka ny «cocarde» sy ny samboady mba hitovy karazana daholo izy ireo. Ankoatr'ireo dia nanambaran'ireo Solombavambahoaka, fa tokony heverina ny mikasika ny fanomezana mari-boninahitra sy “passeport diplomatique”, ny fanovàna ny «rang protocolaire» ary ny fahazoana ny «retraite parlementaire».

Toy izay amin'ny ankapobeny no fizotry ny adihevitra.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andininy ny Vaomiera.

### III- Fandaniana isan'andininy

LOHATENY VOALOHANY,

TOKO VOALOHANY,

Andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

TOKO FAHA-II:

Andininy faha-6 ka hatramin'ny faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

TOKO FAHA-III: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;

Andininy faha-10 ka hatramin'ny faha-13: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

TOKO FAHA-IV:

Andininy faha-14 ka hatramin'ny faha-18: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

TOKO FAHA-V:

Andininy faha-19 ka hatramin'ny faha-20: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-21: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana II**)

Andininy faha-22: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana II**)

Andininy faha-23: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana II**)

Andininy faha-24: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana II**)

Andininy faha-25 ka hatramin'ny faha-30: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-31: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana II**)



## TOKO FAHA-VI:

Andininy faha-32: lany nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**

Andininy faha-33: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-34: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**

Andininy faha-35 ka hatramin'ny faha-37: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-VII:

Andininy faha-38 sy andininy faha-39: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-VIII:

Andininy faha-40 sy andininy faha-41: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-IX:

Andininy faha-42 ka hatramin'ny faha-45: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-X:

## SAMPANA VOALOHANY:

Andininy faha-46: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**

Andininy faha-47 sy andininy faha-48: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-49: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**

## SAMPANA FAHA-II:

Andininy faha-50 ka hatramin'ny faha-57: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-XI:

Andininy faha-58 ka hatramin'ny faha-61: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-XII:

Andininy faha-62 ka hatramin'ny faha-73: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA VOALOHANY:

Andininy faha-74 ka hatramin'ny faha-89: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-II:

Andininy faha-90 ka hatramin'ny faha-99: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-XIII:

Andininy faha-100 ka hatramin'ny faha-110: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-XIV:

Andininy faha-111 sy andininy faha-112: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## LOHATENY FAHA-II

## SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-113 ka hatramin'ny faha-116: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-117 ka hatramin'ny faha-122: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-III

Andininy faha-123: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-IV

Andininy faha-124 ka hatramin'ny faha-131: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-V

Andininy faha-132 ka hatramin'ny faha-136: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-VI

Andininy faha-137 ka hatramin'ny faha-146: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-VII

Andininy faha-147 sy andininy faha-148: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-II

## SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-149 ka hatramin'ny faha-155: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-156: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-III

## SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-157: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;

## SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-158 sy andininy faha-159: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-III

Andininy faha-160: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## LOHATENY FAHA-III

Andininy faha-161 ka hatramin'ny faha-165: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## LOHATENY FAHA-IV

## TOKO VOALOHANY

## SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-166: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana II**);

Andininy faha-167 sy andininy faha-168: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-169 sy andininy faha-172: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-III

Andininy faha-173 sy andininy faha-179: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-180 sy andininy faha-181: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana II**);

## SAMPANA FAHA-IV

Andininy faha-182 ka hatramin'ny faha-188: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-V

Andininy faha-189 ka hatramin'ny faha-193: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-II

## SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-194: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-195 ka hatramin'ny faha-198: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-III

## SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-199: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-200: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## SAMPANA FAHA-III

Andininy faha-201 ka hatramin'ny faha-203: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## LOHATENY FAHA-V

## TOKO VOALOHANY

Andininy faha-204 ka hatramin'ny faha-206: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-II

Andininy faha-207 ka hatramin'ny faha-215: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

## TOKO FAHA-III

Andininy faha-215 ka hatramin'ny faha-218: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

IV- Fandaniana ankapobeny

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny ny Tolo-pehin-kevitra ireo mpikambana amin'ny Vaomiera.

Nolanin'ny Vaomiera tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolopehin-kevitra laharana faha-01-2019/PR «tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale».

Nifarana tamin'ny 5 ora sy 35 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

**TOVANA I**

**DEUXIEME LEGISLATURE DE LA QUATRIEME REPUBLIQUE  
PREMIERE SESSION EXTRAORDINAIRE**

**Année 2019**

**COMMISSION JURIDIQUE**

Avis du bureau de la Commission sur:

Proposition de Résolution n°01-2019/PR tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée nationale, présentée par le député Jean Michel HENRI, Premier Questeur de l'Assemblée Nationale et consorts.

En application de l'article 111 du Règlement intérieur de l'Assemblée Nationale:

*«Les propositions de loi et de résolution présentées par les députés sont déposées et examinées par la Conférence des Présidents après avis du Bureau de la Commission Juridique statuant en présence du ou des auteurs des propositions, à l'exception des dispositions faisant application à ces dernières des articles 86 alinéas 6 et 7 et 95 de la Constitution.*

*Lorsque leur irrecevabilité au sens des articles 86 alinéas 6 et 7 et 95 de la Constitution est évidente, le dépôt en est refusé».*

Le bureau de la Commission Juridique, représenté par son Président, s'est réuni le mercredi 14 août 2019 à 09 heures du matin dans la salle de réunion du Bureau Permanent de l'Assemblée Nationale pour donner son avis sur la:

- **Proposition de Résolution n°01-2019/PR tendant à modifier l'arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale.**

Ont assisté à cette réunion,

Mesdames et Messieurs les députés:

1. IDEALSON
2. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
3. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
4. ANDRIANANDRASANA Norbert
5. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
6. ANGELE Solange
7. EDIZARD
8. HENRI Jean Michel
9. JOHASY Eléonore

10. MAMIZARA Yasmirah Loeticia
11. PEPIN Michou
12. RABENIRINA Maminiana
13. RAFIDIMANANA Narson
14. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
15. RAHOLDINA NAIVO
16. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
17. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona
18. RAMBOASALAMA Emilien
19. RAMILSON Ange Richard.
20. RASOAZANANERA Marie Monique
21. RAVENASY Jean Emanierson
22. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
23. RAZARA Pierre Fidèle
24. TSARADIA Marco
25. VELOMAHAZO Patrice
26. VONINAHITSY Jean Eugène

Après examen, le Bureau de la Commission Juridique déclare recevable la Proposition de Résolution n°01-2019/PR tendant à modifier l'arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale.

La séance est levée à 10h 15mn.

### TOVANA II

| Proposition de Résolution N°01-2019/PR   | VERSION AMENDEE   |
|--|---|
| <p><b><u>Titre Premier</u></b></p> <p><b><u>Chapitre V</u></b></p> <p><b><u>Article 21 al. 3</u></b> – Le Président dispose d'un cabinet de douze membres nommés par lui dont six assistants et six conseillers techniques.</p> <p><b><u>Article 22 al. 1.-</u></b> Chacun des six Vice - Présidents <u>dont</u> les attributions seront fixées par arrêté du Président <u>est</u> responsable de l'un des domaines ci-après :</p> | <p><b><u>Titre Premier</u></b></p> <p><b><u>Chapitre V</u></b></p> <p><b><u>Article 21 al. 3</u></b> – Le Président dispose d'un cabinet, <b>dirigé par un Directeur de cabinet, composé</b> de six Assistants <b>techniques</b> et de six conseillers techniques nommés par lui.</p> <p><b><u>Article 22 al. 1.-</u></b><b>Outre le Vice – Président chargé de l'opposition,</b> les attributions de chacun des six Vice - Présidents seront fixées par arrêté du Président, <b>les rendant</b> responsables de l'un des domaines ci-après :</p> |

**Article 23.-** Chaque Vice-Président dispose d'un Cabinet de cinq Assistants et cinq Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Vice-Président.

**Article 24 al. 7.-** Chaque Questeur dispose d'un cabinet de cinq Assistants et cinq Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Questeur.

**Article 24 al. 8.-** Chaque Rapporteur Général dispose d'un Cabinet de cinq Assistants, deux Conseillers Techniques et d'un Directeur de Cabinet nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Rapporteur ; *un Assistant ou un Conseiller Technique pouvant être remplacé par deux Assistants ou deux Conseillers Techniques non Permanents.*

**Article 24 al. 9.-** Chaque Député dispose de cinq Assistants Parlementaires nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Député.

**Article 23.-** Chaque Vice-Président dispose d'un Cabinet, **dirigé par un Directeur de cabinet, composé** de cinq Assistants **techniques** et de cinq Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Vice-Président.

**Article 24 al. 7.-** Chaque Questeur dispose d'un cabinet, **dirigé par un Directeur de cabinet, composé** de cinq Assistants **techniques** et de cinq Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Questeur.

**Article 24 al. 8.-** Chaque Rapporteur Général dispose d'un Cabinet **dirigé par un Directeur de cabinet, composé** de cinq Assistants **techniques** et de **cinq** Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Rapporteur.

**Article 24 al.9 (nouveau) :** Un Assistant Technique ou un Conseiller Technique pouvant être remplacé par deux Assistants Techniques ou deux Conseillers Techniques non Permanents.

**Article 24 al. 10 (nouveau).** -Chaque Député dispose de cinq Assistants Parlementaires **et de deux Conseillers Techniques** nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Député.

**Article 31 al. 2.**-Les postes aux hauts emplois de l'Assemblée nationale, à l'exception de ceux des membres de cabinets, sont réservés au personnel permanent de l'Assemblée nationale.

### **Chapitre VI**

**Article 32 al. 1.**-Les députés peuvent se grouper ..... ne peut comprendre moins de dix membres, non compris les représentants apparentés.

**Article 34.**- Les groupes constitués conformément à l'article précédent .....sur proposition des Questeurs.

### **Chapitre X**

#### **Section I**

**Article 46 al. 3.**- Hormis la Commission de l'Evaluation des politiques publiques, ..... une Sous-commission chargée du contrôle et de l'évaluation.

**Article 46 al. 4.**- Tout député a l'obligation, au début de la législature d'adhérer à deux commissions de son choix.

**Article 31 al. 2** : *Supprimé.*

### **Chapitre VI**

**Article 32 al. 1.**-Les députés peuvent se grouper ..... ne peut comprendre moins de **quinze** membres, non compris les représentants apparentés.

**Article 34.**- Les groupes constitués conformément à l'article précédent .....sur proposition des Questeurs.

**Al. 2 (nouveau).** -Chaque Président de Groupe Parlementaire dispose de deux Assistants techniques et de deux Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Président de Groupe Parlementaire.

### **Chapitre X**

#### **Section I**

**Article 46 al. 3.**- Hormis la Commission de l'Evaluation des politiques publiques, .....une Sous-commission chargée **du suivi et** du contrôle.

**Article 46 al. 4.**- Tout député a l'obligation, au début de la législature d'adhérer à **trois** commissions de son choix.

|  |   |
|--|---|
| <p><b><u>Article 49 al. 1.</u></b>- Le Président de chaque commission, ..... les autres membres de bureau.</p> <p><b><u>Titre IV</u></b></p> <p><b><u>Chapitre I</u></b></p> <p><b><u>Section I</u></b></p> <p><b><u>Article 166 al. 1.</u></b>- Conformément à l'article 99 de la Constitution, le Premier Ministre ..... chaque activité planifiée. Ces indicateurs doivent permettre d'évaluer la performance et l'avancement dans la mise en œuvre de la politique générale de l'Etat.</p> <p><b><u>Section III</u></b></p> <p><b><u>Article 180.</u></b>- Les commissions d'enquête ..... à l'expiration d'un délai de <u>trois</u> mois à compter de la date de l'adoption ..... fin de leur mission.</p> <p><b><u>Article 181al. 1.</u></b>- À l'expiration du délai de <u>trois</u> mois, ..... aucun débat.</p> | <p><b><u>Article 49 al.1.</u></b>- Le Président de chaque commission, ..... les autres membres de bureau.</p> <p><b><u>Al. 2 (nouveau)</u></b>: Chaque Président de Commission permanente dispose de deux Assistants techniques et de deux Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Président de Commission.</p> <p><b><u>Titre IV</u></b></p> <p><b><u>Chapitre I</u></b></p> <p><b><u>Section I</u></b></p> <p><b><u>Article 166 al. 1.</u></b>- Conformément à l'article 99 de la Constitution, le Premier Ministre ..... chaque activité planifiée, <b>ainsi qu'une valorisation financière globale</b>. Ces indicateurs doivent permettre d'évaluer la performance et l'avancement dans la mise en œuvre de la politique générale de l'Etat.</p> <p><b><u>Section III</u></b></p> <p><b><u>Article 180.</u></b>- Les commissions d'enquête ..... à l'expiration d'un délai de <b>six</b> mois à compter de la date de l'adoption ..... fin de leur mission.</p> <p><b><u>Article181 al. 1.</u></b>- À l'expiration du délai de <b>six</b> mois, ..... aucun débat.</p> |
|--|---|



Taorian'ny famakiana ny tatitra, nisaotra ny Mpampakateny Ramatoa Filoha ary nilaza, fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory. Tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha fa fanitsiana na fanamarihana no atao.

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges, nanamarika fa toa tsy manana "assistant technique" intsony ny Solombavambahoaka raha izao no jerena.

Namaly avy hatrany, Ramatoa Filoha, fa fanamarihana na fanitsiana ny tatitra no atao izao, tsy mbola miditra amin'ny votoatiny aloha.

Rehefa izany, nisaotra ny Mpampakateny Ramatoa Filoha ary nanontany ny Solombavambahoaka raha misy manana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakiana teo.

Satroka Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse ka nanambara fa amin'ny fotoana manao ahoana no mandeha misakafo.

Novalian-dRamatoa Filoha, fa efa hisy hanatitra sakafo rehefa kelikely eo, ka tokony hiandry kely aloha ny mpivory.

Nanome fitenenana ny Solombavambahoaka indray, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Nilaza Andriamatoa TSARADIA Marco fa ao amin'ny pejy faha-13 ao amin'ny Tovana II, ny «article 9 (nouveau)» soloina ho «alinéa 9 (nouveau)».

Namaly Ramatoa Filoha, fa efa nahitsin'ny Mpampakateny teo izany zavatra nolazainy izany.

Ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriami-harimanana Seth indray nanambara, fa tsy mazava ny asa ataon'ny teknisiana izay milaza hoe: Mpitsara avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

Novalian-dRamatoa Filoha, fa ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana dia misy «magistrats», misy «pénitencier», misy «administrateurs»; koa izay no nanambarana azy hoe: Mpitsara avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana satria izy ireo no miasa ao amin'ny «service» mpikirakira lalàna.

Nanambara Andriamatoa EDIZARD, fa ao amin'ny pejy voalohany sy faha-11, diso ny anarany satria tsy EDZARD fa EDIZARD. Tokony hahitsy ny anarany, hoy izy.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka niangavy ireo Solombavambahoaka handray fitenenana izy mba hanangan-tàna.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka FELICIEN Randrianantenaina, ka nanambara fa amin'ny fotoana manao ahoana no mandeha misakafo.

Taorian'izay, ireto avy ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana:

Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges izay nilaza, fa inona no antony nanesorina ny «assistant technique».

Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, kosa nanamarika hoe: taloha, Solombavambahoaka dimy dia mahatsangana «groupe parlementaire» iray. Sao be loatra io isa 15 voalaza ato anatin'ity tolo-dalàna ity. Raha miisa 7 tsy mety mahatsangana izany ve.

Nangataka ny hampitomboana ny isan'ny «Vice-Président» ho roa isaky ny Faritany kosa Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN. Izany hoe: ny efa voafidy teo tsy kitihana, fa hampiana iray avy izany amin'izay lasa 12 no isany.

Nanentana ny Solombavambahoaka izy mba hanaiky ny soso-kevitra natolony.

Alohan'ny hidirana amin'ny fandaniana ny soso-kevitra natolotry ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO JEAN teo, nilaza Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée, fa tokony hazavaina ny asan'ny «Vice-Président» mba hahitana hoe: ampy tokoa izany na tsia.

Nanamarika Ramatoa BAOFENO Micheline hoe: raha hiditra amin'ny fanampiana ny isan'ny «Vice-Président» ho roa isika, ny lafiny «budget» avy hatrany no tokony hoetritretina satria hitombo avo roa heny izany. Raha misy izany «budget» izany, tsy aleo ny tombotsoan'ny Solombavambahoaka rehetra hanatanteraha ny asa no jerena.

Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré indray, nanambara fa tsy miombon-kevitra amin'ny soso-kevitra ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO JEAN teo, satria hampitombo ny fandaniana eto amin'ny Antenimierampirenena izany. Fanampin'izay, tsy maintsy hamoronana «cabinet» vaovao koa isika. Raha misy «budget» hanaovana izany, aleo atao isaky ny Faritra izany mba hampiharana ny «décentralisation» eto Madagasikara.

Andriamatoa FERNAND Jeannot, raha nandray fitenenana, navoitrary ny olana misy any amin'ny Faritra tsirairay. Resaka fitsarana sy ady tany ary ny kolikoly no manjaka any kanefa maro ny Solombavambahoaka tsy mahavoafehy izany. Noho izany, mangataka ny hanomezana «conseiller juridique» ho an'ny tsirairay, mba hanampy amin'ny famahana ny olan'ny vahoaka amin'ny resaka lalàna.

Nilaza Andriamatoa FAMINDRA Justin, fa tsara ny soso-kevitra naroson'ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO JEAN teo. Azo heverina ve rehefa misasaka ny fotoampiasana, misolo hafa indray ny teo aloha, amin'izay ho hitan'ny manaraka eo ny asa nataon'ny «Vice-Président» dimbiasany.

Mikasika ny «conseiller technique», tsy voatery ho «juriste» no alaina, fa izay mahamety ny asa atao satria tsy ny lafiny lalàna ihany no mety hiteraka olana.

Mankasitraka ny fanapahan-kevitra ny vaomiera mikasika ny fametrahana teknisiana manodidina ny Solombavambahoaka tsirairay, toy ny «assistants parlementaires» sy ny «assistants techniques».

Nanamarika, Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson, fa matoa ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO JEAN nangataka ny hampitomboana ny isan'ny «Vice-Président», mety tsy ho voafehin'olona iray ny Faritany iray.

Momba ny tenin'ny Solombavambahoaka RAZAFINANDRASANA Raulan teo, amin'ny famoronana «groupe parlementaire», tsy misy vola laniana amin'ny famoronana izany; koa na maro aza ny isan'ny vondrona parlemantera, tsy maninona, saingy ahena fotsiny io isa 15 io satria mety misy Solombavambahoaka mbola tsy tafiditra amin'ireo «groupes parlementaires» telo misy amin'izao fotoana izao. Koa mangataka ny hamelana azy ireo hamorona «groupe parlementaire» iray hafa.

Namaly mikasika ny famoronana «groupe parlementaire», Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse ary nambarany fa nisy nanome soso-kevitra tany amin'ny asam-baomiera hoe: atao 10 kanefa 15 no lany. Atỳ amin'ny «séance plénière» anefa no manapakevitra farany amin'ny handaniana izany amin'ny alalan'ny tsangan-tànana, ka ho hita eo ny momba izany.

Niala tsiny amin'ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANTSOA Narson, fa tena ialan'ny Antenimierampirenena vola ny famoronana «groupe parlementaire» satria ny Filohan'izany «groupe parlementaire» izany, misy «budget» omena azy. Koa raha vao mahakitika resaka «budget», aleo ny tombotsoan'ny Solombavambahoaka rehetra no jerena.

Andriamatoa TOVONDRAÏ Retsanga Brillant De L'or, kosa nanamarika fa raha ny resaka «vice-Président» teo, manohana tanteraka ny soso-kevitr'Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN izy; tsy amin'ny tombotsoa, fa amin'ny «fonctionnement» sy ny andraikitra atrehany.

Nanambara, Andriamatoa ROCHELIN Houssen, raha mikasika ny Fitsipika Anaty, momba ny fidiran'ny Solombavambahoaka amin'ny Vaomiera miisa 3 araka ny andininy faha-46; mangataka ny tenany mba hatao vaomiera 5 izany amin'izay mety ho tsaratsara kokoa ny fomba fiasa ao amin'ny asam-baomiera mandritra ny «mandat» iasantsika.

Manohana tanteraka ny soso-kevitra naroson'ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO JEAN, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, momba ny fampitomboana ny isan'ny «Vice-Président» ho roa isaky ny Faritany satria matetika, any amin'ny Faritra nahalany azy no tena jereny; mety hampisy disadisa amin'ny Faritra hafa anefa ny zavatra tahaka izany. Amin'izay fotoana izay, raha miampy ny isan'ny «Vice-Président»; ny iray hafa, afaka mijery ny Faritra hafa tsy voatsidika.

Teo ampamaranana ny teniny, nanentana ny Solombavambahoaka handany izay soso-kevitra izay ny tenany.

Andriamatoa RANDRIANANDRAINA Théophile Christian, indray, nanohana ny fanomezana mari-boninahitra sy «passeport diplomatique» ho an'ny Solombavambahoaka, indrindra momba ny «retraite parlementaire».

Ohatra amin'izany ny nahazoan'ny mpilalaoan'ny BAREA mari-boninahitra rehefa avy nanao CAN, ka ny Solombavambahoaka indray ve no hatao ambanin-javatra.

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany izany.

Nanamarika Ramatoa DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Johnny, raha mikasika ny «groupe parlementaire», araka ny hita tamin'ny «mandat» teo aloha, ny fahamaroan'ny isan'izany no niteraka savorovoro teto amin'ny Antenimierampirenena. Antonony, ho azy, io isa 15 io amin'ny fananganana «groupe parlementaire».

Momba ny resaka «Vice-Président» kosa, efa antonony ireo 6 misy amin'izao fotoana izao ireo, fa tsy tokony hampiana intsony.

Notsindrian'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta; fa hatramin'izay, marina tokoa fa Solombavambahoaka miisa 5 dia efa afaka mamorona «groupe parlementaire»; amin'izao anefa mbola maro ireo isika no tsy tafiditra amin'ireo 3 efa misy. Mba hisian'ny demokrasia sy ny fahalalahana amintsika Solombavambahoaka rehetra, mangataka ny hampihenana ny isan'ny mpikambana ao anatin'izany mba hanamorana ny asan'ny Solombavambahoaka ka hampivoatra an'i Madagasikara haingana kokoa.

Momba ny fananganana «Groupe Parlementaire» ihany no nasian'Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson teny. Telo hatreto no isan'izany ato amintsika. Misy Solombavambahoaka mbola tsy voasoratra ao anatin'izany kanefa tsy mahafeno io isa 15 io. Nametraka fanontaniana izy hoe: havela hanangana ve izy ireo sa manao ahoana satria manahirana raha tsy tafiditra amin'izany izy ireo.

Mikasika ny andininy faha-49 izay nasiana fanovàna ny andalana faha-2, amin'ny fanomezana «assistants techniques» roa sy «conseillers techniques» roa ho an'ny Filohan'ny Vaomiera Maharitra; mba tsy hisian'ny elanelana amin'ny Solombavambahoaka tsotra sy ny mpitarika ny vaomiera; aleo izay tapaky ny vaomiera no manao ny fanendrena azy ireo, fa tsy ny Filohan'ny vaomiera irery no manendry azy. Izany hoe, ny «proposition» avy amin'ny mpikambana ao amin'ny vaomiera no entina any amin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena.

Nitondra fanamarihana, Andriamatoa TSARADIA Marco, fa mila fanazavana ny pejy faha-4, laharana faha-9, mikasika ny andininy faha-212 milaza ny resaka «cocarde», samboady sy ny sisa amin'ny tatitra satria tsy tafiditra ato anatin'ny «Règlement Intérieur» izany.

Namaly, Ramatoa Filoha, hoe izao fivoriana atao eto izao ihany no afaka mandray fanapahan-kevitra mikasika izany.

Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana kosa nilaza fa manohana ny hevitra hoe: Solombavambahoaka miisa 15 izay vao afaka manangana «Groupe Parlementaire» ato amin'ny Antenimierampirenena. Efa misy telo ato, dia ny IRD, ny TIM izay mpanohitra ary ny GPUR ho an'ny «indépendant». Nomarihany fa azo atao koa ny tsy misoratra anarana.

Momba ny resaka «Vice-Président»; ny olana dia ny elanelana misy eo amin'ny Solombavambahoaka tsotra sy ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra; aleo ajanona amin'ireo efa misy ireo ihany.

Nanao satroka Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Naronson ary nilaza, fa sao mba afaka manafatra «sandwichs» ao amin'ny «cafétéria satria mitaky ny hanoanana.

Namaly Ramatoa Filoha, fa efa natao ny «commande» ary efa ho avy izany.

Nanao soso-kevitra izy raha mety fa aorian'ny fandraisam-pitenenana no manao fiatoana ary rehefa miverina no miditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Nanao soso-kevitra Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, amin'ny tokony hanitsiana ny andininy faha-22 manao hoe: misy 6 no andraikitry ny «Vice-Président», eo amin'ny teboka faha-4 tokony hosoloina heo «énergie et eau» ny teny hoe «social et culturel» ary ampiana teboka iray hoe «contrôle et évaluation de la mise en œuvre de la PGE». Izany hoe: lasa teboka miisa 7 no izy.

Nanamarika Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, fa efa miandry tsangan-tànana fotsiny raha ny «groupe parlementaire» no resahana. Tokony tsy hasiana resaka intsony.

Momba ny «Vice-Président»; na hatao 2 na 3 aza izany; matetika raikitra eto Antananarivo foana izy ireo, ka tsy hovitany ny hitsidika ny Distrika rehetra ao amin'ny Faritaniny. Maninona, mba ahafahan'ny Solombavambahoaka rehetra manatanteraka ny asany, raha ny «conseiller technique» no atao 3 ankoatran'ny «assistant parlementaire» miisa 5, amin'izay afaka mametraka ny asany any amin'ny Distrika misy azy ny tsirairay.

Hamafisina ny mikasika ny andininy faha-212 hoe: tokony homena fotsiny izany fa tsy amidy.

Mikasika ny resaka «groupe parlementaire» araka ny tatitra novakiana teo, nanamarika ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien, fa tsy voatery miditra amin'izany ny Solombavambahoaka, fa rehefa vita ny tsangan-tànana momba izany ary raha hita eo fa ampy 15 na tsia ireo mbola tsy nisoratra anarana, aorian'izay ho ahafahana mandray fanapahan-kevitra hoe: hiditra amin'ireo «groupe parlementaire» efa misy izy ireo na hanangana hafa.

Fanamarihana koa no nataond-Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore momba ny isan'ny «Vice-Président»: tokony hazavaina aloha ny andraikitra sy ny zavatra andrasana amin'izy ireo satria tamin'ny fanolorana azy ireo, hanampy ny Filohan'ny Antenimierampirenena no tena andraikiny, fa tsy hiandraikitra ny Faritany niaviany. Noho izany, raha ampiana anankiray dia tsy mitombina.

Mikasika ny andininy faha-212, momba ny «passeport diplomatique» izay tsy omena raha tsy misy «ordre de mission» ary averina any amin'ny Ministry ny Raharam-bahiny rehefa avy eo; miangavy ny hanomezana izany mandritra ity «mandat» ity, fa tsy averina intsony, satria zon'ny Solombavambahoaka ny hanana izany.

Nombany manana ny resaka «package» atolotra ny Solombavambahoaka rehefa tonga ato amin'izay mba mitovy daholo ny «cocarde», ny samboady sy ny sisa. Mikasika ny mari-boninahitra atolotra ny Solombavambahoaka, efa misy ny lalàna mifehy izany, ka asiana fanitsiana raha toa ka ilaina izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa PEPIN MICHOU, nilaza fa mandeha ny fotoana ka tokony hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Teto, Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Mahajanga indray no nitarika ny fivoriana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN dia namaly ny Solombavambahoaka avy any "Fort-Dauphin" momba ny asan'ny «Vice-Président». Maro asan'izy ireo, toy ny farany teo, miakiska ny fitakiana ny CLD ho an'ny rehetra. Izaho mihitsy, hoy izy, no niezaka nanao izay azo atao mba ahazoana izany; teo koa ny fisavana natao tamin'ny Solombavambahoaka teny Ivato, tsy nanaiky an'izany aho, nampifamaly tamin'ny Minisitra teo aloha izany. Nisy koa ny fiarovana ny Solombavambahoaka rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena, toy ny Solombavambahoakan'i Brickaville sy Antsirabe ka nesorina taminy ny «immunité» ary nogadraina. Raha miampy iray ny «Vice-Président», lasa avo roa heny izany ezaka atao izany.

Niverina nitarika ny fivoriana Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena teto.

Nisaotra ny Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana, Ramatoa Filoha ary nanambara ihany koa fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ny mpivory kanefa nisy soso-kevitra narosony hoe: haato 15 minitra aloha ny fivoriana, ka rehefa miverina indray vao miroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana mikasika ny fiatoana, Solombavambahoaka miisa 41 no nanaiky; Solombavambahoaka miisa 19 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa haato 15 minitra ny fivoriana.

Niato tamin'ny 2 ora sy 40 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

Nitohy tamn'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Nambarany, fa rehefa tsy misy manan-kambara intsony ny Solombavambahoaka, hiditra avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny amin'ny tolo-pehin-kevitra laharana faha-01-2019/PR «tendant à modifier l'Arrêté N°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale» ny mpivory.

Nambarany fa misy «TITRE» miisa dimy, ahitana andiny miisa 218 ity tolo-pehin-kevitra ity. Efa voadinika tany amin'ny asam-baomiera izany, ka izao aroso handraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny fivoriambe izao.

Toy izao no fizotry ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny:

**«Titre Premier: Organisation et Fonctionnement de l'Assemblée nationale»**

«Chapitre Premier: Des Membres de l'Assemblée Nationale et des Langues de Travail»

Andiny voalohany ka hatramin'ny andiny faha-5.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andiny ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andiny ireo.

Toko Faha-II:

Andiny faha-6 ka hatramin'ny faha-9.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andiny ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andiny ireo.

Toko Faha-III:

Andiny faha-10 ka hatramin'ny faha-13.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 71 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andiny ireo.

TOKO FAHA-IV:

Andiny faha-14 ka hatramin'ny faha-18.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Nilaza, Ramatoa Filoha, fa nisy tolo-kevitra nataon'Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN tamin'ny andiny faha-14, ao amin'io Toko faha-IV io manao hoe: tokony ho 12 no isan'ny Filoha Lefitra ato amin'ny Antenimierampirena.

Nanontany, Ramatoa Filoha, raha misy manan-kambara momba an'io tolo-kevitra naroson'Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN io.

Tamin'ny fandraisaim-pitenenana nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, no nilazany fa sao tokony hatao iray isaky ny Faritra izany, satria lavitra ny olona 2 isaky ny Faritany kanefa mbola handanian'ny fanjakana vola ny momba ny "décentralisation". Amin'izao fotoana izao, mety ho Faritra 23 no hisy eto amintsika. Ho lasa 23 ihany koa ny Filoha Lefitra, amin'izay tsy ny toerana nahavoafidy azy ireo no hojereny fa ny olona misy manerana ny Distrika rehetra eto Mdagasikara.

Nanamafy hatrany an'io tolo-kevitra io, Andriamatoa TOVONDRAÏ Retsanga Brillant De L'Or ary nilaza fa misy «service interrégional» betsaka izay mifampiankina amin'ny asa atao eny ifotony tahaka ny "politique générale", ka izay no ilazany fa tsy misy resaka tombotsoa ny fampitomboana ny isa ho roa, fa adidy sy andraikitra entina hanatsarana ny Distrika tsirairay avy.

Andriamatoa HENRI Jean Michel kosa nanambara, fa tokony hajanona ho olona fito ny Filoha Lefitra; enina ho an'ny Antenimierampirenena ary iray ho an'ny mpanohitra mba tsy hifangaroan'ny "collectivité décentralisée" sy ny "nationale" satria efa mitondra ny hetahetam-bahoaka any amin'ny Distrika nahavoafidy azy ny Solombavambahoaka. Noho izany, tsy tokony hitsabaka ny asan'ny "Chef de Région" any amin'ny Faritra isika.

Nilaza Andriamatoa FAMINDRA Justin, fa raha miainga avy amin'ny Lalàmpanorenana mifehy ny tany sy ny firenena isika, manomboka any amin'ny Kaominina ny "collectivité décentralisée", avy eo ny Distrika, ny Faritra ary ny Faritany; koa azo heverina ny hanaovana izay Filoha Lefitra miisa 7 izay. Noho izany, aleo ajanona ho enina ihany ny Filoha Lefitra miampy iray ho an'ny mpanohitra, satria raha toa tsy mety ny fanovàna ataontsika eto, mety hotsipahin'ny HCC izany. Tokony handinika tsara aloha isika vao manapakevitra.

Nanamafy Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa tsy tokony hiala amin'ny efa tapaky ny Vaomiera isika mba ahafahana mijery ny tombotsoa ambonin'ny firenena, satria mbola misy rafitra lavabe arahina sy fandania hatao raha hanova izany amin'izao fotoana izao.

Notsindrian-dRamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, fa ireo Birao Maharitra ireo dia solotenan'ny Antenimierampirenena sy mampandeha ny raharaha ato ihany, fa tsy manao ny asan'ny Mpanatanteraka. Tsy afaka hanao asa any amin'ny Distrika nahavoafidy ny Solombavambahoaka tsirairay any izy ireo satria tsy misy tetibola natokana ho amin'izany akory.

Taorian'izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny "proposition" natolotr'Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN, ao amin'ny andininy faha-14 ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, tsy nisy Solombavambahoaka nandany; Solombavambahoaka miisa 65 no nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tazonina ho 6 ny isan'ny Filoha Lefitra.



Rehefa izany, niditra tamin'ny fandaniana ny Toko faha-IV ny mpivory: Andininy faha-14 ka hatramin'ny faha-18; tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 81 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-V:

Andininy faha-19 ka hatramin'ny faha-20.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

Andininy faha-21, nasian'ny Vaomiera fanovàna toy izao ny andalana faha-3:

«**Article 21 alinéa 3**: Le Président dispose d'un cabinet, **dirigé par un Directeur de cabinet, composé** de six Assistants **techniques** et de six conseillers techniques nommés par lui».

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany io andininy io.

Andininy faha-22, nasian'ny Vaomiera fanovàna toy izao ny andalana voalohany.

«**Article 22, alinéa 1**: **Outre le Vice-Président chargé de l'opposition**, les attributions de chacun des six Vice-Présidents seront fixées par Arrêté du Président, **les rendant** responsables de l'un des domaines ci-après:»

Nilaza Ramatoa Filoha, fa nisy tolo-kevitra naroson'ny Solombavambahoaka RANDRIAMANAMPISOA Alfred, manao hoe: ny «social et culturel» soloina ho «eau et énergie» ao anatin'io andininy io.

Notsindrian'Andriamatoa HENRI JEAN MICHEL, fa ny asan'ny Filoha Lefitra dia misahana ny fampandehanana ny Antenimierampirenena, tany amin'ny «commission technique» no tokony nahitana izany teny izany.

Nanao satroka Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José ary nilaza fa tsara raha aroso ny tolo-kevitra fahafito narosony manao hoe: «contrôle et évaluation de la mise en œuvre de la PGE» ao amin'io andininy faha-22 io.

Tsy ao amin'ny andininy faha-22 izay tolo-kevitra fahafito izay, hoy Ramatoa Filoha, fa any amin'ny «commission» ary mbola tsy hananganana tàmàna aloha. Ny andininy faha-22 nasian'ny Vaomiera fanovàna no handraisana fanapahan-kevitra izao.

Rehefa natao ny tsangan-tàmàna, Solombavambahoaka miisa 84 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany io andininy io.

Andininy faha-23, nasian'ny Vaomiera fanovàna toy izao.

«**Article 23.** Chaque Vice-Président dispose d'un Cabinet, **dirigé par un Directeur de cabinet, composé** de cinq Assistants **techniques** et de cinq Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Vice-Président».

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tàmàna, Solombavambahoaka miisa 85 nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany io andininy io.

Andininy faha-24 nasian'ny Vaomiera fanovàna toy izao ny andàlana faha-7sy faha-8 ary nampiana andalana faha-9 (vaovao) sy andalana faha-10 (vaovao)

«**Article 24, Alinéa 7** Chaque Questeur dispose d'un cabinet, **dirigé par un Directeur de cabinet, composé** de cinq Assistants **techniques** et de cinq Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Questeur.

**Alinéa 8.** Chaque Rapporteur Général dispose d'un Cabinet **dirigé par un Directeur de cabinet, composé** de cinq Assistants **techniques** et de **cinq** Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Rapporteur.

**Alinéa 9 (nouveau):** Un Assistant Technique ou un Conseiller Technique pouvant être remplacé par deux Assistants Techniques ou deux Conseillers Techniques non Permanents.

**Alinéa 10 (nouveau).**- Chaque Député dispose de cinq Assistants Parlementaires **et de deux Conseillers Techniques** nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Député».

Nisy Solombavambahoaka maromaro nanan-kambara tamin'io andininy io.

Nilaza Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges, fa tokony hampiana iray ny "assistant technique"-n'ny Solombavambahoaka mba tsy hampisy elanelana be loatra amin'ny an'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Namaly Ramatoa Filoha, fa ao amin'ny «alinéa 9» no milaza ny momba izay "assistant technique" izay, fa tsy ao amin'ny "alinéa 7" ary ao amin'ny "alinéa 10" aza milaza fa «deux conseillers techniques» no ao.

Nanazava Andriamatoa HENRI Jean Michel, fa aleo amin'io ihany ary nangataka tamin'ny Solombavambahoaka izy mba tsy hikitihana an'io andininy faha-24 io satria misy lalàna ambonin'ity «arrêté» ity mifehy ny tombotsoa tokony ho azontsika «députés». Izany hoe «décret» no iantsoana an'izay; raha tsy miova izay, tsy hisy fifandrindra amin'ny Lalàmpanorenana, ka holavin'ny HCC raha izany no hataontsika.

Voaray ny hetahetantsika amin'ny tokony hampiakarana an'io isa io, ka hojerena eny ihany.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa ANDRIANJANAHARAY Fanomezantsoa, nilaza fa lava ny adihevitra momba ity andininy ity tany amin'ny asam-baomiera. Te-hametraka ho ambony ny asam-baomiera, ny tenany, ka nitaona ny rehetra mba handany ny tapaka tamin'izany.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, Andriamatoa ANDRIAMAHAVORY Christian, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana; nitondra ny fialan-tsiny avy tamin'ny Minisitry noho ny tsy fahafahany manatrika izao fihaonana izao. Rehefa izany, nanamafy izy fa tokony hojerena ihany ny antsoina hoe “parallélisme des formes” mba tsy hitsipahan'ny HCC ity “texte” andraisana fanapahan-kevitra ity.

Nanamafy, Andriamatoa HENRI Jean Michel, fa marina ny voalazan'ny teknisiana teo, raha io asam-baomiera io no laniana, lasa mitranga ny “parallélisme des formes”; izay no hosorahana. Noho izany, aleo ajanona amin'izao endriny izao fa tsipahana kosa ny nataon'ny asam-baomiera.

Nitondra fanazavana, Ramatoa Filoha, satria tena teknika ny «texte». «Arrêté», hoy izy, ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena; tao ambonin'ity no nanaovana «décret». Noho izany, tsy maintsy ovaina ny «décret» itarafana ity RI ity, aorian'izay vao afaka mampiditra izay soso-kevitra nolazainareo teo izay. Raha mankany amin'ny HCC ity nolazainareo ity dia hotsipahany satria tsy manaja ny Lalàmpanorenana. Tsy nanaja ny “hiérarchie des normes” isika raha izay no izy.

Nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges, nilaza fa efa nahafantatra an'izay zavatra izay ny “commission”, ka inona no antony tsy anaovana ny “conseiller technique”-n'ny Solombavambahoaka ho roa no isany.

Nanambara Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana, raha nomena fitenenana fa «carte» ihany no ilain'ny Solombavambahoaka sasany fa tsy misy “charge pécuniaire”. Izay no tokony hodinihana, ny hamoahana ny carte” fa tsy misy vola homena azy ireo.

Nanamarika, Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, taorian'izay fa “arrêté” ity RI ity saingy tsy mitovy amin'ny “arrêté” rehetra.

Rehefa nodinihana ny momba ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, nampiana ny isan'ny olona any amin'ny kabinetran'ny; nandany an'izany izahay, fa nahoana rehefa ny anay no lavinareo.

Nanohana ny teny nataon'ny namany vao teo Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène raha nahazo fitenenana satria samy mitombo ny “charge” amin'ireo zavatra roa ireo. Noho izany, tokony samy hekena daholo na ny an'ny Birao Maharitra izany na ny an'ny Solombavambahoaka tsotra.

Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, kosa nanamarika fa tokony hametraka tsara izay tiany holazaina ao anatin'ny “texte”, Andriamatoa IDEALSON; satria raha ny marina, nazava ny zavatra hita tany amin'ny “commission”.

Raha nomena satroka Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nanamarika fa hafa mihitsy ny resaka «bénévolat» naroso tany amin'ny “commission” raha mitaha amin'ity lazaina eto ity. Rehefa lany aza ity atao eto ity, mbola hanao satroka momba izany izahay.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin indray nanambara fa manohana ny voalazan'ny namana hoe: aleo tazonina ny an'ny Solombavambahoaka tsotra ary hisy zavatra tokony harenina aorian'izao ary ireo mpahay lalàna no hanao izany. Avelao handeha ity zavatra ity mba tsy hisian'ny toambo sy hala.

Manarak'izay, ilaina ny “assistant bénévol” teo, ka tokony hampidirina ihany ato anatin'ny zavatra holaniana.

Nomena fitenenana, Andriamatoa IDEALSON, ka nanambara fa efa nandinika an'io ny “commission juridique”, kanefa noho ny fangatahan'ny mpivory, aleo hotapahana eto amin'ny fivoriambe ny mikasika izany.

Raha mbola tsy voafafa ny “décret” voalaza teo aloha, sarotra ho antsika ny hanao an'izany. Izay no tian'Andriamatoa Kestora I nampitaina tamintsika teo.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa raha ny marina, ny “arrêté” tsy afaka manova “décret”. Izay no misy, lany tany amin'ny “commission” ity zavatra ity ary izay no hanangan-tànana eto. Ireo “dispositions” vaovao ireo no mety tsy hifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana.

Taorian'ny fanazavana nentin-dRamatoa Filoha, nanome fitenenana ireo Solombavambahoaka nanao satroka izy.

Nanambara, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, raha izay no izy; aleo miaraka tsy laniana daholo izy ireo.

Nilaza Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, fa tsy miova ny isan'ireo olona voalaza ireo, fa ny fehezan-teny no tokony hamboarina.

Manohana ny Kestora I amin'ny teny nataony hoe: raha tsy miova ny “décret” tsy afaka manao an'izay isika.

Nanambara, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, fa tsy tokony hasiana toambo sy hala ny mpikambana ato amin'ny Antenimerampirenena satria halahelo ny sasany raha atao tahaka izany.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa handray ny andraikitra isika. Izany hoe, hatao ny tsangan-tànana amin'ny andininy faha-24 avy tany amin'ny vaomiera izao aroso eto izao sy ny hoe ajanona amin'ny RI teo aloha ihany io andininy io.

Nilaza kosa Andriamatoa JEAN Daniel dit Manjoso, fa ny Solombavambahoaka vaovao aza mbola tsy mahalala ny "Règlement Intérieur" teo aloha akory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nanaiky fa ajanona amin'ny andininy faha-24 teo aloha.

Solombavambahoaka miisa 48 no nandany fa raisina ny fanovàna nataon'ny vaomiera.

Lany fa ny fanovàna nataon'ny vaomiera no hampiharina.

Andininy faha-25 ka hatramin'ny faha-30: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Nanao satroka Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, ka nomena fitenenana ary nilaza fa tokony hampidirina koa ny mikasika iny "non permanent" iny, tsy miteraka olana ara-bola izay saingy tokony hotapahana mba tsy hanahirana anareo Birao Maharitra.

Hasiantsika "article 24 bis" ny momba izany satria tsy ao anaty RI mifehy antsika izay. Hatao tsangan-tànana ny handaniana izany satria olona tsy handray vola izy ireo. Izany hoe hasiana "assistant bénévolat" raha ny marina.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 39 no nanaiky.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTONDRA SOA Fetra, nanambara fa hiteraka olana izany "assistant bénévolat" satria hanao "trafic d'influence" ireo olona ireo raha omena "carte professionnelle"; aleo "assistant parlementaire" ihany dia ampy.

RAZAKANDRAINY Henri Dominique kosa nilaza fa aleo tsy hametraka zavatra hamandrika ny tenantsika amin'io resaka "assistant bénévolat" io isika. Tsy nanaiky ny hanaovana izany ny tenany.

Nanamarika Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, fa alohan'ny hanaovana tsangan-tànana, aleo mba mihaino tsara. Tsy manaiky ny hisian'ny resaka "bénévolat" koa izy.

Andriamatoa FAMINDRA Justin, kosa nanambara fa arakaraka ny Solombavambahoaka ihany ny fakana ireo olona ireo. Tsy misy milaza fa tsy maintsy ilaina na tsia izy ireo.

Namaly Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa tsy miombon-kevitra amin'Andriamatoa FAMINDRA Justin, satria raha misy manao ny tsy mety ireo olona ireo, ny Antenimierampirenena mihitsy no afabaraka. Tsy ilaina ny "bénévolat", hoy izy, namarana ny teniny.

Namaly indray, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa ilainy ny manana an'ireo olona ireo saingy ferana ny isany.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANTAHINANOMENJANAHARY Felicien, nanamafy ny tenin'ny namany tany aloha, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré hoe: sao hanao ny tsy mety ireo olona ireo ka aleo foanana mihitsy izany.

Andriamatoa FERNAND Jeannot kosa nilaza fa tamin'izy Loholona, nisy io resaka “bénévolat” io; mitohy hatramin'izao izany ary tsy nisy zavatra tsy nety hatreto.

Nilaza avy hatrany, Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, raha nomena satroka fa aleo atao ny tsangan-tànana hahitana ny marina.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra dia nanamafy ny teniny hoe: sao ampiasain'ireo olona ireo amin-javatra hafa ny anarany, ka aleo foanana mihitsy io resaka “bénévolat” io.

Namaly indray Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges, fa ilaina ny fananana ireo “bénévolat” ireo satria manampy amin'ny asa atao.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona, fa manohana ny hevitr'Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra. Tsy mety hoy izy, ny ananana an'ireo olona ireo.

Nomena satroka, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, fa efa manana “assistants” miisa 5 ny Solombavambahoaka, raha misy olona tiana homena “carte professionnelle”, aleo amin'ireo no isafidianana satria amin'izao, efa misy olona mitady an'io “carte” io ary mahasahy manome vola “20 Millions Fmg” hanaovany “trafic d'influence”. Tsy mety ny hanaovana an'io “bénévolat” io fa aleo foanana.

Nanambara, Ramatoa Filoha, taorian'izay, fa ny soso-kevitra omen'ny Solombavambahoaka eto, tsy maintsy dinihana, atao ny tsangan-tànana ary tsy faritana amin'izay vita tany amin'ny “commission” ihany ny zavatra atao eto.

Marihana fa tsy mbola niditra tamin'ny adihevitra io resaka “bénévolat” io kanefa avy hatrany dia lazaina hoe: hampidirina na tsia. Ny RI anefa milaza fa raha misy manan-kambara amin'ny “proposition”, atao tsangan-tànana izany. Noho izany, izay aloha no tokony hirosoana amin'izao fotoana izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana amin'ny hampidirana ny “bénévolat”, Solombavambahoaka miisa 28 no nanaiky izany. Solombavambahoaka miisa 40 no nitsipaka.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny resaka “bénévolat”, fa lany kosa ny andininy faha-25 hatramin'ny andininy faha-30.

Andininy faha-31 nofoanan'ny vaomiera ny andalana faha-2.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 51 nandany, tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 5 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-31 voalaza teo.

«CHAPITRE VI: Des Groupes Parlementaires»

Ahitana andininy miisa 6.

Andininy faha-32 nasian'ny vaomiera fanovàna toy izao ny andalana voalohany

«**Article 32, alinéa 1.**- Les députés peuvent se grouper ..... ne peut comprendre moins de **quinze** membres, non compris les représentants apparentés».

Nanan-kambara, Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, ka nomena fitenenana; nangataka ny mba hanaovana 7 ny isan'ny Solombavambahoaka afaka manangana Vondrona Parlemantera izy, satria taratry ny demokrasia ny fisian'io Vondrona io raha maromaro izany ato amin'ny Antenimierampirenena. Telo no efa misy amin'izao fotoana izao, raha lasa 7 izany, 4 no vaovao; amin'izay taratra ny tena demokrasia ato amintsika.

Nanambara, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, raha demokrasia no resahana, ny Amerikana no tena tompony, tsy maninona anie raha atao 30 aza io. Izany hoe efa ampy raha ireo vondrona misy ireo no tiany ambara.

Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée, kosa nanamafy fa antonony ireo Vondrona Parlemantera miisa 3 efa misy ireo.

Nanamarika, Andriamatoa RAKOTONDRA SOA Fetra, tsy hoe rahafa maro ny Vondrona Parlemantera dia tsara ny demokrasia; mifanohitra amin'izay aza no izy. Ho anay maro an'isa, 84 no isanay; azonay natao an'izay saingy tsy mety izany. Hitsinjovana ny hafa no nanaovana azy ho 15 no isan'ny mpikambana ao anatiny.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa nilaza fa aleo mijanona amin'ny "version originale" natolotr'Andriamatoa Kestora I ihany satria efa avy tamin'ny maro an'isa izany, ka tsy misy tokony hanovàna azy intsony, miisa 10 no voasoratra ao.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa HENRI Jean Michel, nilaza fa diso fanoratra io; 15 no isa natolotra tany amin'ny «commssion» fa tsy 10. Io 15 io no isa tena marina.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neyppatraiky André, nomarihany fa mahazo mandray fitenenana daholo ny rehetra ato saingy fanehoan-kevitra itambarana no tena ilàna ny Vondrona Parlemantera, raha 15 izany mba voanfintina ny hevitra tokony haseho.

Aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana amin'izay isika sao tara loatra.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny tsangan-tànana ny mpivory ary nomarihany koa fa nisy soso-kevitra roa niseho ankoatra ny voalaza tany amin'ny asam-baomiera. Ny iray atao 7 no isan'ny mpikambana, ny faharoa atao 10 no isan'ny mpikambana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka iray no nanaiky fa hatao 7 no isan'ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Parlemantera; Solombavambahoaka miisa 4 kosa no nanaiky fa hatao 10.

Solombavambahoaka miisa 71 no nandany fa hatao 15 izany. Solombavambahoaka iray no nitsipaka ary iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fanovàna natolotry ny vaomiera.

Andininy faha-34 nampian'ny vaomiera andalana faha-2 (vaovao).

«**Article 34.**- Les groupes constitués conformément à l'article précédent précédent peuvent assurer leur service intérieur par un secrétariat administratif dont ils règlent eux-mêmes le recrutement et le mode de rétribution: le statut, les conditions d'installation matérielle de ces secrétariats et les droits d'accès et de circulation de leurs personnels dans le palais de l'Assemblée nationale sont fixés par le Bureau Permanent de l'Assemblée nationale sur proposition des Questeurs».

«**Alinéa. 2 (nouveau).** - Chaque Président de Groupe Parlementaire dispose de deux Assistants techniques et de deux Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Président de Groupe Parlementaire».

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 16 no nandany; Solombavambahoaka miisa 45 no nitsipaka ary iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny fanovàna tany amin'ny asam-baomiera ary mijanona amin'ny teo aloha ihany io andininy io.

Andininy faha-35 ka hatramin'ny faha-37: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 73 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-VII:

Andininy faha-38 sy andininy faha-39: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 73 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-VIII:

Andininy faha-40 sy andininy faha-41: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 74 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.



TOKO FAHA-IX:

Andininy faha-42 ka hatramin'ny faha-45: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 74 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

«CHAPITRE X: Des Commissions Permanentes»

«Section I: composition et mode d'élection»

Andininy faha-46 nasian'ny vaomiera fanovàna ny andalana faha-3 sy faha-4.

«**Article 46.**

**Alinéa 3:** Hormis la Commission de l'Evaluation des politiques publiques, il est institué au sein de chaque Commission permanente une Sous-commission chargée **du suivi et du contrôle.**

**Alinéa 4:** Tout député a l'obligation, au début de la législature d'adhérer à **trois** commissions de son choix».

Nisy nanan-kambara tamin'io andininy io ka nomena fitenenana.

Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely, niangavy fa tokony hampiana io isa io satria tsy ampy raha 3 fotsiny, 5 no tsara.

Nilaza Andriamatoa RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian, maninona raha atao 2 farafahakeliny ary 5 farafahabetsany.

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, nanamarika fa ampy tsara io isa 3 satria saotra ny hanenjehana asam-baomiera raha mihoatra an'io isa io.

Maninona raha atao 2 farafahakeliny, tsy ferana ny mihoatra, hoy Andriamatoa RAVENASY Jean Emanierson, raha nomena fitenenana.

Nanambara Andriamatoa TSARADIA Marco, fa amin'ity taratasy ity, ahitana "colonne" miisa roa; misy tolo-kevitra avy tamin'Andriamatoa Kestora I; ny iray tany amin'ny "commission"; raha jerena misy zanabaomiera mpanara-maso amin'ny vaomiera. Inona no ilàna ny fanaraha-maso; izay no angatahana fanazavana.

Nanazava Andriamatoa Kestora I, fa "amendement" nampidirina tamin'ny tolo-kevitra nataony io zanabaomiera io. Omena ny teknisiana ny fitenenana satria ry zareo no nanome izany.

Nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTOARISON Adrian Braun, Talen'ny Fanaovan-dalàna eto amin'ny Antenimierampirenena ary nanazava fa namoronana zanabaomiera ny vaomiera tsirairay satria ny andraikitry ny vaomiera hatramin'izay, mandany ny lalàna dia mijanona eo ny asany.

Ny zanabaomiera kosa no manara-maso ny fanatanterahana ny lalàna izay tapaka teo anivon'ny vaomiera. Ohatra, raha nisy lalàna lany, izy no manara-maso hoe nisy didy fampiharana ve sa tsia. Izy ihany koa no manao ny tomban'ezaka mikasika ny politikan'ny Governemanta mifandraika amin'ny asa sahanin'ny vaomiera.

Nanohy nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMAHAFANJARY Calvin, Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena ary nanamafy ny voalazan'Andriamatoa Tale teo, fa ny zanabaomiera dia arak'izay voalaza izay fa manara-maso ny fampiharana ny lalàna vao lany sy manao tomban'ezaka satria tsapa fa tsy nisy loatra izay raha mitaha amin'ny fanaovan-dalàna. Izy no manara-maso ny fanatanterahan'ny Governemanta ny asa sahanin'ny vaomiera. Manao tatitra amin'ny vaomiera ihany koa izy saingy anjaran'ny vaomiera no manapakevitra amin'ny farany.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice, nangataka fanazavana hoe: tafiditra ao anaty "décret" ve izany zanabaomiera izany sa tsia.

Nilaza Ramatoa Filoha, fa tsy misy fiantraikany amin'ny resa-bola io zanabaomiera io ary ampidirina fotsiny amin'ny RI avy hatrany sady eo ambany fiahian'ny Filohan'ny Vaomiera ihany koa ny fisiany.

Nomena fitenenana, Andriamatoa TSARADIA Marco ary nanontany hoe: ny Solombavambahoaka ve no mpikambana ao anatin'ny, manao ahoana ny fomba fidirana ao aminy.

Namaly Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, fa ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny vaomiera ihany no mirotsaka ho mpikambana ao amin'ny zanabaomiera ary miankina amin'ny fandaminana ao anatin'ny vaomiera ihany koa no anatanterahany ny asany.

Nanampy fanazavana Ramatoa Filoha hoe: ny Filohan'ny Vaomiera no mandrindra izany miaraka amin'ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny vaomiera.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny fametrahana ny zanabaomiera ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 42 no nandany; 10 no nitsipaka ary Solombavambahoaka roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andalana faha-3 ao amin'ny andininy faha-46 teo.

Andininy faha-46, andalana faha-4.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany fa hatao telo no isan'ny vaomiera azo idirana; Solombavambahoaka miisa 7 kosa no nanaiky fa roa farafahakeliny ary dimy farafahabetsany; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andalana faha-4 ao amin'ny andininy faha-46 teo.

Andininy faha-49,: nampian'ny vaomiera andalana faha-2 (vaovao)

“**Article 49, alinéa 1.**-Le Président de chaque commission, dont l'un au moins appartient à un groupe parlementaire d'opposition, est élu en Séance plénière. Chaque commission est convoquée par son Président à l'effet d'élire les autres membres de bureau.

**Alinéa 2 (nouveau): Chaque Président de Commission permanente dispose de deux Assistants technique et de deux Conseillers Techniques nommés par le Président de l'Assemblée nationale sur proposition du Président de Commission permanente».**

Nanan-kambara Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André ary nilaza fa somary mitovy amin'ny andininy faha-34 izy ity, koa maninona raha tsy laniana tahaka an'iny andininy ihany.

Taorian'izay, nandray fanapahan-kevitra ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 46 no nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny, tsy nisy nanaiky.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa tsy lany ny andininy faha-49.

SAMPANA FAHA-II:

Andininy faha-50 ka hatramin'ny faha-57: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 74 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-XI:

Andininy faha-58 ka hatramin'ny faha-61: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 74 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-XII:

Andininy faha-62 ka hatramin'ny faha-73: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 76 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA VOALOHANY:

Andininy faha-74 ka hatramin'ny faha-89: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 77 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA FAHA-II:

Andininy faha-90 ka hatramin'ny faha-99: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 76 no nandany; Solombavambahoaka roa no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-XIII:

Andininy faha-100 ka hatramin'ny faha-110: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 76 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-XIV:

Andininy faha-111 sy andininy faha-112: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 78 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

LOHATENY FAHA-II

SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-113 ka hatramin'ny faha-116: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 78 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-117 ka hatramin'ny faha-122: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 79 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA FAHA-III

Andininy faha-123: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 79 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany io andininy io.

SAMPANA FAHA-IV

Andininy faha-124 ka hatramin'ny faha-131: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 79 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo indray no nitarika ny fivoriana teto ary nitohy ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy.

SAMPANA FAHA-V

Andininy faha-132 ka hatramin'ny faha-136.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 73 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA FAHA-VI

Andininy faha-137 ka hatramin'ny faha-146.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 69 no nandany, Solombavambahoaka iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA FAHA-VII

Andininy faha-147 sy andininy faha-148

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-II

SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-149 ka hatramin'ny faha-155.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-156.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany, Solombavambahoaka miisa 2 no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

TOKO FAHA-III

SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-157.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 68 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-158 sy andininy faha-159.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 68 no nandany; Solombavambahoaka miisa 2 no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA FAHA-III

Andininy faha-160.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 68 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

LOHATENY FAHA-III

Andininy faha-161 ka hatramin'ny faha-165.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 70 no nandany, Solombavambahoaka iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

#### **«Titre IV: Du Contrôle Parlementaire»**

«Chapitre I: De l'information et du contrôle»

«Section I: De la communication du Gouvernement»

Andininy faha-166 nasian'ny Vaomiera fanovàna toy izao ny andalana voalohany.

**«Article 166, alinéa 1-** Conformément à l'article 99 de la Constitution, le Premier Ministre présente son programme de mise en œuvre de la politique générale de l'Etat au parlement qui peut émettre des suggestions. Ce programme doit comporter des échéances et des indicateurs objectivement vérifiables pour le programme en général et pour chaque activité

planifiée, **ainsi qu'une valorisation financière globale**. Ces indicateurs doivent permettre d'évaluer la performance et l'avancement dans la mise en œuvre de la politique générale de l'Etat».

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 66 no nandany, Solombavambahoaka iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

Andininy faha-167 sy andininy faha-168.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-169 ka hatramin'ny faha-172.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy io.

SAMPANA FAHA-III

Andininy faha-173 ka hatramin'ny faha-179.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 66 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

«Section III: De la commission d'enquête»

Andininy faha-180 nasian'ny vaomiera fanovàna toy izao:

«**Article 180** - Les commissions d'enquête ont un caractère temporaire. Leur mission prend fin par le dépôt de leur rapport et, au plus tard, à l'expiration d'un délai de **six** mois à



compter de la date de l'adoption de la résolution qui les a créées. Elles ne peuvent être reconstituées avec le même objet avant l'expiration d'un délai de douze mois à compter de la fin de leur mission».

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany, Solombavambahoaka iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

Andininy faha-181 nasian'ny vaomiera fanovàna toy izao ny andalana voalohany:

«**Article 181, alinéa 1-** A l'expiration du délai de **six** mois, et si la commission n'a pas déposé son rapport, son président remet au Président de l'Assemblée les documents en sa possession. Ceux-ci ne peuvent donner lieu à aucune publication ni à aucun débat».

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

#### SAMPANA FAHA-IV

Andininy faha-182 ka hatramin'ny faha-188.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany, Solombavambahoaka iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

#### SAMPANA FAHA-V

Andininy faha-189 ka hatramin'ny faha-193.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-II

SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-194.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-195 ka hatramin'ny faha-198.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany, Solombavambahoaka iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

TOKO FAHA-III

SAMPANA VOALOHANY

Andininy faha-199.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany, Solombavambahoaka iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

SAMPANA FAHA-II

Andininy faha-200.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany io andininy io.

## SAMPANA FAHA-III

Andininy faha-201 ka hatramin'ny faha-203.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 63 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

## LOHATENY FAHA-V

## TOKO VOALOHANY

Andininy faha-204 ka hatramin'ny faha-206.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany, Solombavambahoaka miisa 2 no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

## TOKO FAHA-II

Andininy faha-207 ka hatramin'ny faha-215.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Nilaza Andriamatoa TSARADIA Marco, raha nomena fitenenana, fa tokony hampidirina ao anatin'ny Fitsipika Anaty ny tolo-kevitra nataony tao amin'ny tatitra pejy faha-4, tsipika faha-9.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa efa tafiditra ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, ao amin'ny andininy faha-212 ny "proposition" nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco teo.

Rehefa izany, niditra tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ireo andininy ireo ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

### TOKO FAHA-III

Andininy faha-215 ka hatramin'ny faha-218.

Tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara tamin'ireo andininy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ireo andininy ireo.

Taorian'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy, mbola nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana. Noho izany, nomen'Andriamatoa Filoha azy ireo ny fangatahany.

Nilaza Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, fa tsy nandraisana fanapahan-kevitra ny momba ny mari-boninahitra, ny «passeport diplomatique», ny «retraite Parlementaire» ary ny «rang protocolaire» kanefa voalaza ao amin'ny tatitra izany.

Rehefa izany, nanamafy ny voalazan'ny andininy faha-212 ao amin'ny Fitsipika Anaty, Andriamatoa Filoha, izay mivaky toy izao:

«Article 212- Les Députés bénéficient des prérogatives suivantes:

- une carte de membre de l'Assemblée nationale délivrée par le Président de l'Assemblée nationale comportant, outre l'identité, les mentions ci-après, il est ordonné à tous les agents de la Force Publique d'assurer la libre circulation du titulaire de la présence carte dans l'exercice de ses fonctions et de lui prêter aide et assistance en cas de besoin,
- un Passeport Diplomatique,
- une cocarde tricolore,
- un coupe-file,
- des distinctions honorifiques,
- des insignes et une écharpe qui sont portés par les députés lorsqu'ils sont en mission, dans les cérémonies publiques et en toutes circonstances où ils ont à faire connaître leur qualité. La nature de ces insignes est déterminée par l'Assemblée nationale. La cérémonie officielle de pose de l'écharpe est dirigé par le Président de l'Assemblée nationale qui peut la déléguer à un Vice-président».

Taorian'izany, nilaza Andriamatoa TSARADIA Marco, fa tsy tokony handoavam-bola ny samboady, ny «passeport diplomatique» sy ny «cocarde» ary ny «coupe-file» ary tokony homena ny Solombavambahoaka telo volana aorian'ny namoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny voka-pifidianana ofisialy ireo zavatra ireo. Tsara raha atao mitovy avokoa ny endriny, hoy izy.

Notsindriany koa ny momba ny «retraite parlementaire» izay ao anatin'ny tatitra kanefa tsy voaresaka amin'io andininy faha-212 io.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa DARKHOUI Siritis dia nanamafy ny teny nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco mikasika ny samboady, ny «passeport diplomatique», ny «cocarde» sy ny «coupe-file» ary ny «retraite Parlementaire» hoe tsy nasiana resaka akory kanefa voalaza mazava ao amin'ny tatitra.

Nanamarika Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, fa efa nisy olona nivarotra «insigne» sahady raha vantany tonga teto amin'ny Antenimierampirenena izy.

Nanamafy ny momba ny «retraite Parlementaire», Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, izay efa nisy tamin'ny Repoblika Voalohany, saingy nofoanana izany taty amin'ny Repoblika Faharoa ary hatramin'izao fotoana izao, sahala amin'ny fisotroandronono rehetra izany, ka izay rehetra manao «cotisation», mendrika ny hisitraka izany, hoy izy.

Notsindrian'ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa hatrany, fa aorian'ny famoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny voka-pifidianana ofisialy, efa Solombavambahoaka no iantsoana ny olom-boafidy tany amin'ny Distrika. Tokony ho anjaran'ny Antenimierampirenena no manafaingana ny raharaha mikasika ireo zavatra ireo. Mendrika hisitraka ny «Retraite Parlementaire» kosa ireo efa nahavita «mandat» maromaro tato amin'ny Antenimierampirenena raha ny marina no ampiharina, hoy izy.

Nanamarika Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, momba ny «passeport diplomatique», fa tokony ny Antenimierampirenena no hanome ny momba ny Solombavambahoaka miisa 151 any amin'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny hikarakarany ny olom-boafidy ary tsara koa raha ampahafantarina dieny izao ny taratasy rehetra hokarakarina mba tsy hampitarazoka ny fivoahany.

Nohamafisiny fa manana zo hampiasa izany ny Solombavambahoaka mandritry ny 5 taona ary tsy tokony alaina aminy isaky ny mahavita iraka izy ireo. Tsy mety ny fisintonana sy ny famerenana ny “passeport” amin'izay itiavana azy, fa aleo atao mazava tsara hoe mandritra ny “mandat” no ampiasana azy.

Nanamarika Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, fa lalàna efa lany tato amin'ny Antenimierampirenena ny fanomezana «distinction honorifique» ho an'ny Solombavambahoaka; tokony hatao indray mandeha ao anatin'ny 5 taona ny fangatahana azy, amin'izay fotoana izay samy mahazo avokoa ny rehetra. Raha mety, amin'ny fametrahana samboady no hanomezana izany ny Solombavambahoaka.

Nanamafy ny resaka «passeport diplomatique», Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph, nambarany fa maro ny Solombavambahoaka mahita famatsiam-bola any ivelany tokony hoentiny hampandroso ny Distrika nahavoafidy azy; amin'ny alalan'io “passeport” io no ahafahany mivoaka any ivelany amin'ny fifampiraharahana atao. Noho izany, tsy tokony hitarazoka ny fanomezana azy satria ny fandrosoana tsy miandry izay tara; ny raharaham-pirenena mandeha hatrany.

Taorian'izany, nilaza Andriamatoa Filoha, fa tsy azo iverenana intsony ny zavatra efa voadinika sy noliana; ohatra amin'izany ny andininy faha-212 izay nasian'ny Solombavambahoaka teny teo.

Horaisin'ny Birao Maharitra ny andraikitra mikasika ny «passeport diplomatique» sy ny mari-bononahitra ary hampitaina any amin'ny Minisitera tomponandraikitra isan'ambaratongany ny fanagatahana rehetra heno teo.

Nandray fitenenana Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, nambarany fa miteraka fahafaham-baràka ho an'ny Solombavambahoaka ny resaka «cocarde tricolore» satria ahitana azy daholo na fiaran'olon-tsotra na fiaran'ny manam-pahefana. Mangataka mba hatao miavaka ny an'ny Solombavambahoaka raha mety.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa ny Solombavambahoaka, ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ny Fiadidiana ny Repoblika, ireo ihany no afaka mampiasa ny «cocarde tricolore». Noho izany, mbola hivory handinika momba izany ka hatao izay hisian'ny marimaritra iraisana.

Nomarihany fa rehefa mivoaka ny renivohitra no tokony hampiasa “cocarde” satria efa misy fandaminana ataon'ny mpitandro filaminana eto amintsika ary raha toa misy ny fisavana atao amintsika, ny karatra maha Solombavambahoaka ihany no aseho azy ireo mba tsy hisian'ny fotoana very eny an-dalana. Mety tsy hosarotiny amin'izany izy ireo satria samy manao ny asany na izy na isika handeha any amin'ny toerana nahavoafidy antsika.

Nanontany kosa Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson, mikasika ny hoe manao ahoana no tena izy amin'ny «cocarde tricolore» sy ny lalàna mifehy azy. Iza no olona afaka mampiasa azy eto Madagasikara satria saika ahitana izany daholo ny fiara eny andalana.

Nanamarika Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa ny vady andefimandrin'ny Solombavambahoaka koa tokony homena alalana hampiasa fiara misy «cocarde tricolore», mba hiarovana azy eny andalana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ny tolo-pehin-kevitra laharana faha-01-2019/R «tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée nationale» ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 64 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ny tolo-pehin-kevitra laharana faha-01-2019/R «tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/P portant Règlement Intérieur de l'Assemblée nationale».

Taorian'ny fahalanian'ny tolo-pehin-kevitra, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa halefa avy hatrany any amin'ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izany mba hohamarininy raha toa mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana na tsia izay voalaza ao anatin'ny.

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, ny mpitarika ny fivoriana, fa ny Talata 20 Aogositra 2019 amin'ny 9 ora, maraina; hisy fakankevitra hataon'ny Vaomieran'ny Fanaovan-dalàna mikasika ny tolo-dalàna laharana faha-01-2019/PL «modifiant certaines dispositions de la loi n°2011-013 du 9 Septembre 2011 portant Statut de l'Opposition et des Partis d'opposition présentée par le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée Nationale»; aorian'izay, amin'ny 10 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro ary mety hiasa alina; hisy ny asam-baomiera handinika an'io tolo-dalàna voalaza eo ambony io.

Nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana izany asam-baomiera izany izy taorain'izay.

Niato tamin'ny 6 ora sy 10 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa voatolotra ny fisaorana ho an'ny mpivory.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona